TFNAC: Task Force Nationale en Agriculture de Conservation

Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture




VOLY RAKOTRA

Faritra Afovoany Atsinanana eto Madagasikara


# Fifandimbiasam-boly azo atao amin'ny baiboho azo anaovana voly avotra




Ity torolalana ara-teknika ity dia nalaina avy amin'ny torolalana novokarin'ny tetik'asa BVLac izay niarahan'ny CIRAD, BRL ary AVSF namolavola, novatsian'ny AFD/MPAE ara-bola, nohamafisina tamin'ny traikefa sy ireo torolalana avy amin'ny GSDM, ary nohatsarain'ny TFNAC/FAO avy amin'ny alalan'ny famatsian'ny USAID tamin'ny fijerevana manokana ny lafin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fanjariantsakafo sy ny miralenta.

Ity torolalana ity dia mikendry manokana ny faritra Afovoany Atsinanana eto Madagasikara ary notsoahina avy amin'ny traik'efa hita sy azo tamin'ny faritra manodidina an'Ambatondrazaka.

## Zava-misy amin'ny ankapobeany

- Mizaka ny fiovan'ny toetrandro
- Mihasimba hatrany ny tontolo iainana
- Mihanaka ny ahidratsy indrindra eny amin'ny baiboho
- Tratry ny tsy fanjariantsakafo ny mponina











**Tanjon'ny toro-lalana ara-teknika :**

- Hanatsarana ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro
- Hanatsarana ny voly avotra eny amin'ny baiboho
- Hampihenana ny saram-pamokarana ary hampitomboana ny famokarana voly hafa
- Hampihenana ny asa fiavàna ho an'ny vehivavy
- Hanatsarana ny fanjariantsakafo

**Tsy mifanaraka amin'ireo zava-misy ireo intsony ny fomba fambolena mahazatra.**

| | |
|---|---|
| **Fomba mahazatra** | Miasa matetika ny tany, mitondra fandonahana tsy ampy, mamboly voly samirery, mamafy tara |
| **Olana** | Kaohan'ny riaka ny nofontany, mihanaka ny ahidratsy, ratsy ny vokatra |
| **Vahaolana** | Tsy tombanana intsony ny tany afa-tsy amin'ny taona voalohany, **manao fivadiam-boly sy fifandimbiasam-boly,** mandrakotra ny tany |





# FEPERA ARAHINA AMIN’NY FANAOVANA VOLY RAKOTRA

## ➢ Tsy tombanana intsony ny tany afa-tsy amin’ny taona voalohany



## ➢ Ezahina hatrany ny hitazonana rakotra mandavan-taona eo amin’ny tanimboly



## ➢ Mampihatra ny fifandimbiasam-boly



**Mandritry ny fahavaratra**



**Mandritry ny ririnina**



# IREO FIFANDIMBIASAM-BOLY AZO ATAO

## VOLY AVOTRA



## VOLY TAONA



| LEGIOMINEZY | VOLY AVOTRA + LEGIOMINEZY (VESY) | VOLY AVOTRA |
|---|---|---|
| Karazany<br>Vesy, antaka, tsiasisa<br>Fatra ilaina<br>Vesy (5Kg/Ha)<br>Antaka (25Kg/Ha)<br>Tsiasisa (12-15Kg/Ha)<br>Elanelana<br>30cm x 30cm<br>Fanamarihana:<br>Hosorana thirame 2,5g/Kg ny ambioka vao mamboly<br>(Jereo ny fisy teknika) | Ny karazana voly avotra rehefa fohy fiaina dia azo ampiarahana amin'ny Vesy<br>Fanaovana azy<br>-Na atao isan-davaka miaraka amin'ny voly avotra<br>-Na atao anelanelan'ny voly avotra | Ny karazana voly avotra dia azo atao avokoa<br>Fanamarihana:<br>Mila manao zezi-pahitra tsara amin'ny voly avotra mba hitomboan'ny vokatra ary hanatsara ny voly taona. |




**NA**




**VARY**

Elanelany: 40 cm x 20 cm

Fatran'ny masomboly: 60Kg/Ha

Fatran'ny fanafodin'ny masomboly: gaucho 2,5g/Kg an'ny masomboly

**KATSAKA + LEGIOMINEZY**

Elanelany: 100 cm x 50 cm

Fatran'ny masomboly: Kg/Ha

Fatran'ny fanafodin'ny masomboly: gaucho 5g/Kg an'ny masomboly

# TOMBONTSOA METY HO AZO

**ARA-TEKINIKA**

- Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka
- Manamora ny fitsihan'ny rano any anaty tany
- Mampihena ny fienton'ny rano
- Mampitombo ny fiainan'ireo zavamanan'aina mpanatsara ny nofontany
- Mampihena ny ahidratsy
- Manatsara ny tsiron'ny tany sy ny firafiny

**ARA-TOEKARENA**

- Mampihena ny asa atao sy ny fotoana lany iasana
- Mampihena ny hana-pamokarana ilaina (zezika, fanafody,…)
- Miaro ny tontolo iainana
- Mampihena ny fandaniana ara-bola





**MIADY AMIN'NY FIOVAN'NY TOETRANDRO**

- Mitazona hamandoana lalandava ny fampiasana ny rakotra. Hita misongandina izany raha sendra misy fiatoana maharitra ny orana
- Ahafahana mamafy mialoha ny fisian'ny rakotra : vao ampy ny orana voalohany dia azo atao ny mamafy ambony rakotra
- Na miato aloha aza ny orana (volana martsa) amin'ny ririnina, dia afaka atao tsara ny verim-boly nohon'ny fisian'ny rakotra sy ny fananan'ny voly rakotra faka lava
- Mihatsara ny fiasan'ny rano: vitsy ny lasa entona nohon'ny fisian'ny rakotra



**MAMPIHENA NY ASA FIAVANA**

- Mampihena ny ahidratsy sy ny asa fiavàna ny rakotra matevina
- Mampihena araka izany ny fotoana lanin'ny vehivavy amin'ny fiavàna ka ahafahany mikarakara asam-pamokarana hafa sy tokantrano.



**MANATSARA NY FANJARIAN-TSAKAFO**

- Manatsara ny fiasan'ireo bibikely manatsara ny tany
- Afaka ampiasain'ny voly ny singa fototra izay omen'ireo bibikely ireo (fôsifôro, azota, potasioma…) izay manana anjara asa lehibe amin'ny fiarovana ny olona amin'ny tsifanjariantsakafo
- Mampitombo ny karazam-boly azo ampiharina eo anivon'ny tantsaha ity teknika ity ary manatsara hatrany ny fanjariantsakafo



Mpiara-miombona antoka :

GSDM *Professionnels de l'Agroécologies*

Mpamatsy vola :

AFD · USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE